

Monseigneur Benjamin Marc Ramaroson, c.m.  
Archevêque d'Antsiranana  
Tél : (261) 32 11 539 39  
BP 415  
5 Boulevard Le Myre de Villers  
201 ANTSIRANANA  
Madagascar  
[bramaroson@gmail.com](mailto:bramaroson@gmail.com)



## “SAMBATRA NY MALEMY FANAHY FA IZY NO HANDOVA NY TANY »

*“Manoratra ho anareo aho, ry zatovo, satria naharesy ilay ratsy ianareo. ..... satria mahery ianareo ka mitoetra ao aminareo ny Tenin'Andriamanitra, sady efa naharesy ilay ratsy ianareo. Aza tia izao tontolo izao, na ny zavatra amin'izao tontolo izao. Fa izay tia an'izao tontolo izao dia tsy manana ny fitiavana ny Ray ao anatinny”. (1 Jn 2, 14)*

Ho antsika Pretra, Voatokana, Lahika Ray amand-Reny  
Ho antsika Tanora  
Ho antsika olo Araiky

Nanapa-kevitra isika eto amin'ny Arsidiocesezy fa hankalaza ny Andron'ny Tanora mba hiombonambavaka, handalinana ny finoana, hamakafakana ny fiainana. Ny tanjona dia ny hahaizantsika hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro, handraisana an-tanana ny Eglisy ka ho tena Tompon'andraikitra tokoa isika. Tsy amaray tokoa ny ho avy fa niany ary tsy iza no handova ity tranobe iombona dia ny tany ity fa ny “Génération Makarios”

Miantso anareo Tanora àry aho ho tonga hanatanteraka ny JMJ ny diosezy : 2 -6 Aogositra  
Mbola hisy fanazavana amin'ny antsipiriany fa tiako sahadyn misintonanana ny saintsika :

- Voalohany hiara-hivavaka isika Olo Araiky eto amin'ny Diosezy mba ho Pantekôty Vaovao ho an'ny “Génération makarios” io JMJ io. Ataovy matetika ny vavaka na samirery, na miaraka, eo anivon'ny Fianakaviana, eo anivon'ny Fikambanana sy ny firohotana, eo anivon'ny voamiera, eo anivon'ny Eglisy Fiombonana, Fototra, iraka....
- Faharoa : Diniho tsara ny teny ao anatin'io vavaka io sy ny lohahevity ny JMJ...  
Manentana antsika rehetra eto amin'ny diosezy koa aho mba hiara-dalana amin'ny tanora ka hitrotro ambavaka ny JMJ

Milaza miara-mahita isika fa misedra fotoan-tsarotra ny fiainan'ny tanora... Mety ho maro ny antony fa anisan'izany sady ho fototra sy loharano no vokatr'izany : ny tsy fision'ny tondro lalan-kombana mazava na “repères” eo anivon'ny tontolo iainana (*environnement*) sy eo anivon'ny tontolom-piaianana (fiaraha-monina sy kolontsaina)...Potika noho izany ny “Tranobe iombonana”, lova mipetraka ho an'ny taranaka mifandimby....

Jesoa, Lalana sy Fahamarinana ary Fianana, Mpiaabelona amintsika sady miara-dalana amintsika “eglisy” ka noho izany manana adidy hanome repères mazava isika ....

Miandry anareo tanora àry hanomboka dieny izao ny diantsika mankany amin'ny JMJ. Ankinintsika amin'i Masina Maria izany . Mitsodrano anareo aho ary mangataka vavaka avy aminareo.

+ Mompera Eveka Ramaroson Benjamin Marc, cm

25 Janvier 2017  
Fankalazana ny Fibebahan'i Md Paoly